Misaona ny gazety Malagasy
Nodimandry i Christophe Haja, mpanao gazetin'ny Radio Tanà 2

NY VALOSOA VAOVAO
Gazety miseho intelo isan-kerinandro (Talata - Alakamisy - Sabotsy)
Alakamisy 20 septambra 2018 Laharana 816 Vidiny : 400 Ar
www.gvalosoa.com
gvalosoa@yahoo.com
facebook : gazety valosoa rakoto

TIM Boriborintany I 3

## Nanao asa fanadiovana lakandrano mirefy 150 m

Filoha Ravalomanana N°25 2

# Misokatra ireo kaonty ho fanampiana azy sy ny KMMR



CUA sy ONG Positive Planète 5

# Mpaka fako miisa 1000 no hisitraka ny fiaraha-miasany



ELIANA BEZAZA 8

## Vina ho an'i Madagasikara




Lozam-pifamoivoizana 6

Nipotsaka ny atidohan'ilay lehilahy mamo voahitsaky ny kamiao

Ambatondrazaka 6

Mahazo laka ny fanafarana mpivarotena avy any ivelan'ny faritra

Fampianarana teknika sy arakasa 5

Tanora mpianatra miisa 3000 no hisitraka ny fiaraha-miasan'ny ministera sy ny SEBTP

Daka kely

Hay ny vazaha ny ambony amin' ialahy ry Boaikely fa tsy ny Gasy a !

Iles Eparses 2

« Mbola miendrika fanandevozana ny fanageazana ireo nosy kely »



FILOHA RAVALOMANANA N°25

## Misokatra ireo kaonty ho fanampiana azy sy ny KMMR

Nambaran'ny filoha Marc Ravalomanana, kandidà filoham-pirenena laharana faha-25 amin'ny bileta tokana teto ntsirabe, fa hisy ny fanokafana kaonty ho an'ireo rehetra liana hanampy azy sy ny komity mpanohana dia ny KMMR na ny Komity Mpanohana an'i Marc Ravalomanana. Misokatra ankehitriny ireo kaonty ireo ary afaka mandrotsaka izay foiny ao ireo rehetra liana amin'ny fanampiana azy sy ny KMMR. Ireo kaonty ireo dia: Mvola: +261 34 80 332 24, ny banky BOA: 0009 05000 15711670001 36 Comité de soutien à Marc Ravalomanana. Ho porofointsika rehetra hoy izy fa : « ny miasa miaraka no fahombiazana ». Ireo mbola mila fanazavana fanampiny dia afaka miantso ny tel: +261 33 11 191 77, na ny +261 34 47 754 30, na ny +261 32 54 347 22. Ankoatra izany, mbola misy ny akon'ny fihaonan'i Dada tamin'ny mponin'i Vakinankaratra ny faran'ny herinandro teo. Be ny ho diso fanantenana amin' ity fifidianana indray mitoraka ity ary be ny ho diso kajy raha ny zavamisy. Raha nieboebo sy nanao vavabe mantsy ny kandida sasany raha namory vahoaka teto Antsirabe, vao tsy ela izay dia nangorom-potsy tanteraka ny kianjan'ny Fahaleovantena Antsirabe ny Sabotsy lasa teo, nandraisana ny filoha Kandidà Marc Ravalomanana tao Antsirabe. "Aza manontany basy amin'ny Angilisy", hoy izy nanoloana ireo nilaza fa lasan'izy ireo ny fon'i Vakinankaratra. Tananako ity hoy hatrany izy ary haiko ny mampandroso azy araka ny nambarany ihany, ary fantatro ny filàna eto. Raha tsiahivina dia nitsidika teto Antsirabe ny tenany ho famaranana ny faha 15 taonan'ny Antoko TIM sy fankalazana ny faha 15 taonan'ny Reny Miavotra ihany koa izany. Nisy araka izany ny fiarahanivavaka tao amin'ny FLM Antampontanàna Antsirabe. Taorian'izay dia nisy ny karazana fitsidihana nataony nitety an'i Mahazoarivo sy Ambohimiandrisoa iny ary nihazo an'Avaratsena sy Atsinanantsena iny ary nipaka teo amin'ny kianjan'ny fahaleovantena izany. Tomefy olona tanteraka ny kianja ary tsikaritra fa saika tonga avokoa ireo sokajin'olo- na rehetra, hatramin'ny olondehibe sy ny tanora. Nisy mihitsy no latsa-dranomaso raha vao nahita akaiky ny filoha Marc Ravalomanana N°25 amin' ny bi- letà tokana. Tsikaritra fa niverina indray ny fanantenana ho an'ny vahoakan'i Vakinanakaratra raha vao nahita ny filoha Marc Ravalomanana ny rehetra, ny vahoaka izay miaina anaty fiainana mangidy tanteraka ankehitriny. Namafisiny fa izy dia kandidàn'ny Malagasy rehetra ary ho an' ny Malagasy rehetra ihany koa. Isan'ny nahagaga ny olona ny fahatongavan'ny olona marobe toa iny satria tsy mba nisy fiara nitatitra sy fizaram-bola ny fihaonana tamin'ny kandida Ravalomanana kanefa dia be lavitra nohon'ny tamin'ny fitateran'olona nataon'ny kandida hafa ny olona tonga. Tsy lava resaka rahateo koa ny filoha fa izay hevi-dehibe amin'ny fandaharan'asa nomaniny no nambarany, dia ny fanafoanana haingana tsy fandriampahalemana, ny ady amin'ny tsy fahampian-tsakafo, ny fanabeazana sy fampianarana ary ny fanorenana fotodrafitrasa. Tsy mbola vitan'iny ny fihaonana amin'ny mponina eto Vakinankaratra fa tsy ho ela dia hisy ny fitsidihina ny disitrikan'Antsirabe faharoa ato ho ato.

***Lezama***

CUA

## Nesorina ireo takelaby fanaovana dokambarotra politika an'ny kandidà

Tsy nahazoana alalana ireo takelaby fanaovana dokam-barotra na panneau publicitaire tsy manana endrika dokambarotra, non commercial, ataon'ireo kandidà sasany eto Antananarivo Renivohitra amin'izao fotoana. Manoloana ny fametrahan'ireo mpanohana kandida sarin'ny olona tohanany eny amin' ireo toerana manokana fametrahana dokambarotra amoron-dalana ireny arak'izany dia manome efatra ambiroampolo ora: 24h, ny tompon'ireny sary tsy manana endrika dokambarotra, non commercial ireny, ny fididian'ny tanànan'Antananarivo mba hanalana izany, ny dokambarotra izay ara-dalàna kosa dia mijanona amin'ny toerany ihany. Aorian'ny fepotoana nomeny 24 ora dia hanala izany ny kaominina, izany hoe afaka 1 andro. Ary efa manatanteraka izany fanalana izany ny CUA amin'izao fotoana hoy ny lefitry ny tale misahana ny tanàndehibe sy ny fampandrosoana na DUD ao amin' ny Kaominina Antananarivo Renivohitra, Ramatoa Hortensia Rasoamanambola.

***Isambilo***

Iles Eparses

## « Mbola miendrika fanandevozana ny fanageazana ireo nosy kely »

Tsy ekena intsony ny fanageazan'ny mpanjanatany ny fananan'ny malagasy, mbola miendrika fanjanahana ny malagasy ny tsy famerenan'ny frantsay ireo nosy manodidina na ny « Iles Eparces. Vokatr'izay, nanatanteraka valandresaka tetsy amin' ny Asia Ivato omaly ny solontena avy amin'ny firenena maromaro mivondrona amin'ny fanoherana ny fanageazana fananana izay miendrika fanjanahana tsy rariny, valandresaka izay notarihan'ny kandida Mailhol Andre Christian Dieu Donné avy amin'ny antoko GFFM, niaraka tamin'ireo solontenan'ny firenena avy any Côte D'Ivoire, Comores, Benin, ary Turquie. Tanjon'ny famelabelarana ny isintonana ny sain'ny olona amin'ny olana amin' ireo nosy manodidina, eo ihany koa ny fifanakalozana traikefa amin'ny vahaolana eo amin'ny fifanolanana resaka tany sy ny mety ho fampiharana azy eo amin'ny resaka nosy manodidina ; tanjon'ity famelabelarana ity ihany koa ny fampivondronana ireo manampahaizana sy ny olom-pirenena mba hitady vahaolana mahaomby amin'ny resaka ady amin'ny famerenana ireo nosy manodidina, tanjona farany ny fampivondronana ireo solontenan'ny firenena Afrikanina voakasiky ny olana. Raha tsiahivina, efa nandefa taratasy fangatahana tetsy amin'ny HCC ny antoko GFFM ny hanaovana fitsapankevi-bahoaka mahakasika ny hevitry ny rehetra ny amin'ny hamerenana amin'i Madagasikara ireo nosy manodidina, nolavin'ny HCC anefa izany. Anisan'ny vinan'asan' ny kandida Mailhol rahateo ny famerenana ireo nosy manodidina ireo.

***Rajo***

Alaotra

## Manomboka ahitam-bokany ny ezaka amin'ny fametrahana fandriampahalemana

Azo lazaina fa isan'ny ezaka lehibe ataon'ny mpitandro filaminana aty Alaotra amin'izao fotoana izao ny fanaovana sava hao ny tanàna rehetra. Samy mandray ny andraikiny avokoa, na ny zandary, na ny polisy, na ny miaramila, na ihany koa ny fokonolona, izay mifanampy hatrany ami-n'izy ireo amin'ny fanenjehana ireo jiolahy sy dahalo rain-dahiny. Nisy araka izany no efa lavon' ny balan'ny mpitandro filaminana vokatry ny fifandonana teo amin'ny roa tonta. Mpirahalahy iray tampo izay fantatra fa isan'ny jiolahy rain-dahiny tokoa ary mpampihoro- horo tany amin'ny manodidina an'iny kaominin'i Tanambe ao anatin'ny distrikan' Ampara- faravola iny no fantatra fa maty voatifitry ny miaramila ary nisy ihany koa ny mpan- drava sady mpamono olona no lavon'izy ireo tany Ampahitany. Tokony hitohy ha- trany izao hetsika izao hoy ny rehetra satria hita tokoa fa mampilamina ny fiainam-bahoaka. Ankoatra izay dia betsaka no efa voasambotry ny zandary amin'izao fotoana izao ireo voalaza fa lohandohan'ny mpandrava aty Alaotra. Tsy hitsitsy izahay hoy ny mpitandro filaminana fa rehefa vandana dia kary ary tsy hijerena tavan' olona ny fanadiovana izay hatao fa na dahalo ambony latabatra na anaty ala dia samy iharan'ny lalàna avokoa. Hatreto afapo ny rehetra eo amin' ny hetsika rehetra izay ataon'izy ireo. Raha ny fantatra ihany koa dia misy ireo dahalo no efa mitsoaka miala ny toerana nisy azy ary mamonjy faritra milamindamina.

***Raoul***

*Ny Valosoa sy fakafaka*

## Fanomezan-tanana an'i Dada : mirodorodo ireo olona hanome fanampiana

Marobe ireo olon-tsotra sy fikambanana eto antoerana na any ampitan-dranomasina no te hanome tanana sy fanampiana ny kandida N° 25, Marc Ravalomanana, amin'ny fiatrehana ny fifidianana filohampirenena ho avy io. Noho izany dia nanapa-kevitra i Dada fa hanokatra kaonty hanomezan'ny rehetra izay foiny araka ny hetahetampon'ny mpomba azy , ka hatao amin'ny mangarahara tanteraka ny fanampiana rehetra azo amin'izany. Marobe ny fanehoan-kevitra hita amin'ny tambazotran-tserasera mikasika io resaka fanangonana vola io satria zavatra tsy nampoizin'ny maro izany. Ny hita mantsy amin' izao ankatoky ny fifidianana izao dia marobe ireo kandida no manao fafikatrana vola sy zavatra hanambazana ny mpifidy azy hamafàna ny heloka nataony teto amin'ny firenena nandritra ny 9 taona nanomboka tamin'ny taona 2009 nisian'ny fanonganam-panjakàna teto Madagasikara. Miavaka ny filoha Marc Ravalomanana satria matoa ny olona mirodorodo mitondra ny vola sy hery eo am-pelatanany hampandresena an'i Dada ho filohampirenana dia izy irery ihany no azony antoka fa hanavotra ny firenena latsaka ao andavaky ny fahantrana. Tsy misy fanerena fa vokatry ny fo ny fanampiana izay hatao, raha ny heno dia efa marobe tsy tambo isaina ny olona hanome fanampiana ny filoha Marc Ravalomanana.

***Helisoa***

Misaona ny gazety Malagasy

## Nodimandry i Christophe Haja, mpanao gazetin'ny Radio Tanà

Misaona ny tontolon'ny asa fanaovan-gazety eto Madagasikara, nodimandry omaly ny namana mpanao gazety Christohpe Haja, mpanao gazetin'ny Radio Tanà. Efa nolazoin'ny aretina nandritra ny fotoana elaela izy izao nindaosin'ny fahafatesana izao. Mpanao gazety ara-panatanjahantena tao amin'ity onjampeo ity izy, nefa na izany aza dia nanao fandrakofana vaovao amin'ny sehatra hafa koa izy, na politika izany, na toekarena, na vaovao sosialy,... Efa mpanao gazety tao amin'ny Radio Antsiva izy teo aloha, anisan'ireo mpilalao tamin'ny ekipan'ny mpanao gazety teo amin'ny sehatry ny baolina kitra. Namela mananotena sy kamboty mirahalahy. Ny razana dia eny amin'ny tranony eny Ankadindramamy, izahay eto aminny gazety ny Valosoa Vaovao dia mirary fionona feno ho an'ny fianakaviany.

***Ny Valosoa***



*Christophe Haja, mpanao gazety tao amin'ny Radio Tanà.*

TIM Boriborintany I

## Nanao asa fanadiovana lakandrano mirefy 150 m



Tsy mipetra-potsiny na miandry fampielezan-kevitra ny antoko Tiako i Madagasikara (TIM) ao amin'ny boriboritany voalohany notarihin'ny DISTIM Rakotomamonjy Philippe, fa misy hatrany ny asa natao na tsy misy fifidianana aza. Tao anatin' izany ny fijerena ireo tanora mpanao fanatanjahantena tao anatin'ny boriborintany voalohany . Tsy nataon'izy ireo ambanin-javatra ny lafiny fanabeazana ny tanora indrindra teny amin'ny faritra iva, nisy hatrany ny fifaninanana baolina kitra mba hahafahan'ireo tanora miala voly tsy ho tratran'ny fidorohana zava-mahadomelina sy mahamamo izy ireo amin' izany. Ankoatra izay , tsy ataon'ny TIM boriborintany voalohany ambaninjavatra ny fijerena ny sosialin'ny mponina sy ny asa fanadiovana ny tanàna. Nanatanteraka fanadiovana lakandrano tao amin'ny fokontany Antohomadinika Voalohany mirefy 150 m tototry ny fako sy ny loto ireo mpikatroka TIM ny sabotsy lasa teo. Niniana natao izao fiaraha-mientana izao hoy Rakotomamonjy Philippe ho fiarovana ny fiakaran'ny rano eny antoerana satria ny fahavaratra efa miha- antomotra ihany . Mbola tsy fampielezan-kevitra izao hoy ity farany fa izao asa fanadio- vana atao izao dia fanatanterahana ny tarigetran'ny Filoha Marc Ravalomanana : " Manangana sy manatsara fa tsy mpanapotika".

***Helisoa***

KMMR 974

## Hanohana ara-bola ny kandidà Ravalomanana sy ny KMMR

Ny KMMR 974 any La Réunion dia nanantontosa fitsangatsanganana miaraka tamin'ny alahady faha 16 septambra lasa teo tany amin'ny Parc La Trinité Saint Denis , La Reunion. Ny hevitra notsoahina tamin' izany dia: na tsy afa-ka mifidy aza ny Mala- gasy any La Réunion dia mandrisika ireo havana, sy tapaka, sy namana ary ireo olom-pantatra aty Madagasikara mba hanara-dia ny laharana faha- 25 amin'ny fifidianana Filohampirenena ho avy. Nanao fihetsiketsehana itadiavana vola ho fanampiana amin'ny fifidianana koa izy ireo. Ny KMMR 974 dia tsy mitsahatra mandrisika ireo namana handray anjara ao amin'ny tambazotra ary hanohana




hatrany ny Kandida Filoha Marc Ravalomanana. Manome famporisihana hatrany ho an' ireo namana mitolona aty Madagasikara koa izy ireo. Masina ny Tanin- drazana hoy ny KMMR 974.

***Isambilo***

EISA, USAID, CENI

## Manofana ireo mpanofana ao amin'ny CENI sy ny delegen'ireo kandida

Nandaniana vola be sy andro maro ny fanofanana ireo mpampiofana eny anivon'ny rantsamangaika ny CENI, vaomieram-pirenena misahana ny fifidianana, miandraikitra ny fanentanana sy hampiofana ireo delegen'ny kandidà misa 36, mpikambana eny amin'ny birao fandatsahambato manerana ny faritra 22 eto Madagasikara. An-jatony vitsivitsy izy ireo no miatrika izany, miaraka amin'ireo solontenan'ny kandida sy ny mpamatsy vola eto andrenivohitr'i Madagasikara mandritra ny 3 andro. Ny fanontaniana mipetraka dia ny hoe efa an-taonany maro no nanaovana fanofanana toy izao sy fandaniana vola be toy izao nefa ny omaly tsy miova foana ny fandehan'ny fifidianana, ny vahoaka mihintsy no tsy resy lahatra amin'ny fifidianana noho ny ankinanga lava ataon' ny mpitondra nifandimby teo. Ny lalam-pifidianana tsy voajery, famitahambahoaka avokoa sy fanipazana fotsim-barin'akoho ny madinika efa ianjadian'ny fahantrana ividianana ny safidiny no betsaka. Manararaotra ihany koa iretsy mpamatsy vola mba tsy hananan'ireo mpikarakara manokana ny fifidianana fahaleovantena, ka anomezany vola kely tsy mahavita ny tena fikarakarana akory. Dia andrasana araka izany ny fanovozam-pahalalana ho azon'ireto mpiofana ary ny mety ho vokatra azo avy amin'izany, hiantefa mivantana amin' ny vahoaka hifidy atsy ho atsy. Na izany na tsy izany, mila mahafehy ny zavatra hivoaka any amin'ny birao fandatsaham-bato tokoa ireo delege na solontenan'ny kandidà isanisany, izay miofana, mpanohana izany fanofanana izany ny EISA, ny USAID, miara-miasa amin'ny CENI.

***Serge***

facebook NY VALOSOA VAOVAO

### Lozam-pifamoivoizan'ny Praiministra Ntsay teny Ivandry : miaro an-jambany ny Praiministra ry Lalatiana

**Arp Helisoa :** raha mpanao politika tsy notendren'ny Mapar angamba no nandona ankizy teny Ivandry dia efa asa fotsiny angamba izay nataon'ireo seraseran'ny Mapar a!

**Apollinaire Rakotondrasoa :** liiiii mrina mihitsy zany, toa pasopasohan-dry Lalatiana Rakotondrazafy fotsiny ny heloka nataon'ny Praiministra Ntsay, soa aloha fa tsy maty ireo ankizy roalahy, fa raha tsy izany angamba, asa izay mbola nitranga ?

**Lala Joseph Ravelomahefa :** de gag'enao, tsy mahagaga intsony Lalatiana tatasika.

**Laingo Valisoa Rindratanjona :** marina! Tsy diso mihitsy zany ny mpitondra na efa tsy hiasa intsony aza izy fa efa hody any an-trano.

**RazzaAn Andria :** m bola maika hijery film série tokoa angamba ingahy PM ka izany no mampirifatra azy nody. Ny PM Sylla, tsy mba nanao toy izany, manaraka embouteillage izy fa ny jiro phare fotsiny no narehatry ny escorte tamin'izany, dia mikisaka mora izay teo aloha.

**Narindra Steph Stephan :** 1 volana vao tapitr publication raha tsy PM natolotry ny Mapar Ntsay.

**Naina Rabearivony :** lojika be.. tsy maintsy hizorana io rehefa manao pôlitika.. na koa manohana mafy pôlitisiana iray ny tompony.. ny an'ny mpanao gazety anie kapoaka é ! rehefa miteny ny patron hoe lokoy fotsy io maintimainty io, dia hatao.. raha mibaiko ny deba fa havadiho ho mainty io fitsifotsy io, dia tanterahina !

**Andriandradomanantsoa Vololona :** izany mintsy! aleo ho hita eo ny hagegeny eh! !

**Ninà Rabetsialison :** indrindra fa le kala lalatina savony vava ty, mpanao avocate du diable foana.

*TONONKALO*

### SAROBIDY NY AINA

**(fanehoan-kevitra mahakasika ilay lozam-pifamoivoizana teny Ivandry)**

Tena tsisy ny aina ambony , tena tsisy ny aina ambany,
Fa mitovy na vahoaka na mpitondra firenena.
Ny fijery mitanila mifanohitra amin`izany
Dia fijery tena diso ka tsy azon`iza ekena.

Mila arovana ny ain`ireo mpitondra fanjakana,
Saingy aina toy ireny koa ny an`iretsy zaza.
Tsy rehefa hoe ambony dia tsy hanaja ny lalàna.
(Tena hevi-diso izany na terena ho marina aza.)

Fa ny aina fa ny aina dia ho sarobidy hatrany,
Na ho an`ireo mahantra na ho anao mpanefoefo,
Ka tsy asiana fanavahana , hisy ambony sy ambany,
Fa mitovy tsisy valaka na mpanompo ianao na sefo.

Koa asaina ianao mpitondra hanaraka ny lalan-tsara,
Na dia misy fahamehana amin`"iny lalana iny".
Fa tsy izy ilay manivaka amin-dalana voarara,
Sady avy eo mitera-doza ho an`ireo tsy manan-tsiny.

… Ny mpitondra ambony indrindra no ilaina ho modely
Mba halain`ny hafa tahaka amin-javatra rehetra.
Raha izay no tsy mipetraka dia tsy hisy velively
Ny fitaratra hotarafina sady atao ho tarigetra.

***SEDERA RAVALISON (15-09-18)***

# An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Njaka sy Helisoa

**Ny fanaovan-tsonia nataon'ny ONG Positive planète sy ny Ben'ny Tanàna Lalao Ravalomanana tao amin'ny Lapan'ny Tanàna Analakely.**











## ATTESTATION DE PUBLICATION

Je, soussigné Rahelisoa Arphine, Directrice de Publication du journal NY VALOSOA VAOVAO, atteste que nous avons publié dans notre journal NY VALOSOA, paru le jeudi 09/08/2018, suivant jugement civil définitif n° 536-DEF du 03/07/2018 délivré par le Président du Tribunal de Première Instance de Fianarantsoa, qui autorise la publication de l'extrait du jugement définitif n° 141-DEF du 14/06/2016 rendu par le Tribunal de Première Instance de Fianarantsoa, dans l'affaire de saisie exécution opposant Monsieur Anthony Rakotomalala à Monsieur Randrianarison Ainganarijaona.

En foi de quoi, la présente attestation est établie pour valoir ce que de droit.

Fait à Antananarivo, le jeudi 20/09/2018.

**La Directrice de Publication**

**Rahelisoa Arphine**




**Izao no fotoana!**

Olona maro no mangetaheta sy maniry hitondra anjara biriky mivantana hampandaniana ho Filohan'ny Repoblikan'i Madagasikara ny Kandidà Marc RAVALOMANANA, laharana 25

Noho izany dia horaisina an-kafaliana izay vokatry ny fonao sy ny feon'ny fieritreretanao. Ka ireto ny kaonty misokatra hahazoanao mandray anjara:

MVOLA: +261 34 80 332 24

BOA: 0009 05000 15711670001 36 Comité de soutien à Marc RAVALOMANANA

Ho porofointsika rehetra indray fa "NY MIASA MIARAKA NO FAHOMBIAZANA".

Mankasitraka antsika sahady amin'izay hafanampontsika.

Raha mila fanazavana fanampiny dia ireto ny laharana antsoina:

+261 33 11 191 77

+261 34 47 754 30

+261 32 54 347 22

## NY TENY FIAINANA

**Nehemia 1:9**

*Nefa raha miverina amiko kosa ianareo ka mitandrina ny didiko sy mankatoa azy, na dia hisy voaroaka hatrany am-paravodilanitra aza ianareo, dia avy any no hanangonako azy, ka ho entiko ho ao amin'ny fitoerana izay nofidiko hampitoerako ny anarako izy.*

## TAFATAFA

### Raniry any Mahajanga

# Mila hentitra amin'ny fanaraha-maso ny fifidianana

Fanehoan-kevitr'i Raniry, mpa-noratra sy mpanakanto any Mahajanga indray no Tafatafa eto amin'ny gazetinao androany:

Misy zavatra goavam-be tsara ampitaina amintsika mpamaky ny gazety Ny Valosoa Vaovao hoy izy. Voalohany, efa tongotra mby an-dakana izao ny fifidianana ka tsy afa-miverindalana intsony. Isika zanak'i Dada rahateo koa efa sivy taona izao no naniry mafy sy efa tsindrian-daona fatratra amin'izao fotoan-dehibe hamerenana an'i Dada Marc RAVALOMANANA eo amin'ny fanavotana ny firenena izao. Hitohy indray ny lalantsika, hanorina fa tsy handrodana, hanangana fa tsy handrava, hanarina fa tsy handoro, hanome fa tsy handroba... Efa tena voaporofo izao fa mbola mamim-bahoaka tokoa i Dada Marc RAVALOMANANA ary tena manantena azy fatratra ny vahoaka Malagasy ankehitriny hitondra fanavotana an'ity firenena latsaka an-katerena lalina ity. Matoky tanteraka isika rehetra fa ho azon'i Dada ny fandresena. Na izany aza anefa, ny mahery tsy maody, hono, tsy ela velona ary tsy mahazo misioka raha tsy mbola tafavoaka ny ala. Tsy azo adinoina ary tsy azo odian-tsy hita fa tena tsy kely lalana tokoa ny ratsy. Ny tena tiana hahatongavana dia ny mba hahamalina antsika mianakavy. Samia mitandrina fa efa mandady ny trambo. Hitantsika ny fanaratsiana sy ny fanasoketana ezahana atao amin'i Dada amin'ireo haino aman-jery samihafa ankehitriny. Efa manomboka ihany koa izao ny teti-panorona hamingana azy satria tena mihorohoro fatratra ireo mpifanandrina aminy fa tena tsy ho tana tokoa ny lalan'i Dada Marc RAVALOMANANA. Samia isika rehetra mijoro hanara-maso ny fifidianana, manomboka any amin'ny lisipifidianana ka hatrany amin'ny biraom-pifidianana, ny fandatsahambato sy ny fandraketana an-tsoratra na ny "PV", ny fanarahana ireo pitsopitson-dalàna samihafa mba tsy ho sanatria karnem-pokontany indray no ho enti-mifidy. Tena efa misy mivonon-kanodina tokoa ny safidintsika koa samia mitandrina. Maro ireo olomaventy sy olo-matanjaka matahotra mafy ny hiverenan'i Dada eo amin'ny fitondrana sao ho tapaka ny fihinanany, efa zatra loatra sy efa tena nahazo fy sy nahita tsirony sy maminy tamin'ny fitsentsefana ny harem-pirenena mantsy izy ireny. Miantso an'ireo fikambanana tsy miankina samihafa mba hanolo-tanana amin'ny fanarahamaso ny fifidianana. Misaotra ny "Justice et Paix" sy ireo mpanara-maso hafa izay efa manao ny ainy tsy ho zavatra tokoa amin'izao fotoana izao amin'ny fanomanana ny fanarahamaso ny fifidianana. Miantso ny FFKM sy ireo rantsana hafa afaka ny hanao izany ihany koa mba hanatevin-daharana ireo mpanara-maso ny fifidianana, mba tsy hivilian'ny safidim-bahoaka. Manao antso avo amin'ireo mpamatsy vola iraisam-pirenena sy ireo malala-tanana rehetra mba hanampy sy hanohana ireo mpanaramaso ny fifidianana fa tena mila izany i Madagasikara ankehitriny mba tena hijoroan'ny fanavotana azy marina tokoa. Mba ho fifidianana madio sy mangarahara tokoa anie no hiseho eto fa tsy sanatria fifidianana feno hosoka sy feno halatra ary feno fitaka. Matoky ny fahendrentsika rehetra e!

Manaraka izany dia tsapa fa toa nirongatra indray ny karazany tsy fandriampahalemana samihafa teto Mahajanga tato ho ato izay. Nirefodrefotra indray ny poabasy, toa nisesisesy mihitsy, nisy ny aina nafoy. Teo ihany koa ilay zaza very tao amin'ny Hôpitalin'ny Reny sy ny zaza tao Androva izay tena nahoraka be teto Mahajanga tokoa, izay tsy fantatra mazava mihitsy ny antony hatramin'izao. Isaorana an'Andriamanitra sy ny fokonolona moa fa efa tody soa aman-tsara eo am-pelatanan'ireo Ray aman-dreniny amin'izao fotoana izao ilay menaky ny ainy. Ny tiana holazaina dia : fifandrifian-javatra ihany sa iniana apetraka mba hampihorohoroana vahoaka amin'izao ankatoky ny JMJ MADA IX sy ny fampielezan-kevitra ary ny fifidianana izao? Efa miroso lalina amin'ny fifidianana isika amin'izao fotoana izao, ny tany anefa toa miroso lalina amin'ny tsy filaminana hatrany. Hisy fifidianana handeha amin'ny laoniny ve raha izao no mitohy? Tsy sasatra ny tena manao antso avo ny mba hanaovana vaindohan-draharaha sy laharam-pahamehana an'io tsy fandriampahalemana efa mahazo laka manerana ny Nosy io. Tokony mba hisy fiantraikany lehibe eto amin'ny firenena ny fampiakarana grady nanao ranolava sy natao sesilany tato ho ato izay. Tena ory sy torovana ary valalanina tanteraka anie ny vahoaka amin'io tsy fandriampahalemana io e! Koa miangavy ny fanjakana re mba tena hanao ny ainy tsy ho zavatra tokoa hisoroka sy hanafoana ary hamongotra tanteraka an'io asa fampihorohoroana amin'ny endriny samihafa io. Ankoatr'izay, loza fa nifoha indray ity ny Pesta! Fa dia inona loatra no mahazo antsika Malagasy fa toa zohimpahoriana lava izao? Manantena ny fanjakana sy ny isam-batan'olona rehetra mba samy handray an-tanana ny fisorohana an'io mba tsy hiparitahany manerana ny Nosy fa tena zavadoza e! Ny famongorana ny loto sy ny fitandroana ny fahadiovana ihany no fisorohana mahomby indrindra. Samia mailo sy mitandrina mafy isika rehetra mba tsy hianjera amintsika ny fondro sy ny atambo e!

Farany, dia nivarahontsana indray ny tena raha mba nanaraka ilay ady hevitra tany amin'ny renivohitry ny Reny malala. Nisy Revôlisiônista, hono, teto amin'ny firenena. Fa inona no Revôlisiôna nisy teto? Ny firongatry ny tsy fandriampahalemana ve? Sa ny fihanaky ny kolikoly sy ny gaboraraka ary ny tsy fanarahan-dalàna? Sa ny fanaovana tantely afa-drakotra ny harem-pirenena? Asa aloha e!

**Nangonin'Isambilo**

### CUA sy ONG Positive Planète

# Mpaka fako miisa 1000 no hisitraka ny fiaraha-miasany

Mpaka fako miisa 1000 eto amin'ny tanànan'Antananarivo no hisitraka ny fiaraha-miasa eo amin'ny Kaominina Antananarivo Renivohitra (CUA) sy ny ONG Positive Planète International. Vita sonia omaly maraina izany fifanarahampiaraha-miasa izany teo amin'ny ben'ny tanànan' Antananarivo Lalao Ravalomanana sy ny Talemparitry ny Positive Planète International, Agnès Hiere, tetsy amin'ny lapan'ny tanàna Analakely. 500 000 Euros no teti-bidin'izao tetikasa izao, famatsiam-bolan'ny AFD (Agence Française de Développement), ny Région Ile de France ary ny Fondation Suez ; mpitantana ny tetikasa kosa ny Kaominina Antananarivo Renivohitra (CUA) sy ny ONG Positive Planète International. Izao tetikasa izao dia ho fampakarana ny fari-piainan' ireo mpaka fako miisa 1000 ireo, amin'ny alalan'ny fanodinana ny fako voaangona hampidiram-bola ho azy ireo, fanomezana azy ireo fiahiana ara-tsosialy koa, araka ny fanazavana nomen'ny tale misahana ny raharaha sosialy ao amin'ny Kaominina Antananarivo Renivohitra, Dokotera Prisca Andriantseheno, nandritra izao lanonam-panaovan-tsonia izao. Ny tetikasa dia efa nanomboka ary miasa amin'ny fokontany miisa 30, misandrahaka amin'ireo Boriboritany 6 eto an-drenivohitra. Haharitra 2 taona izao fifanarahampiaraha-miasa vita sonia teo amin'ny Kaominina Antananarivo Renivohitra sy ny ONG Positive Planète Internationale izao, ho fampakarana ny fari-piainan' ireo mpaka fako eto amin'ny tanànan'Antananarivo ireo.

**Aly**

### Boriboritany faha-V (CUA)

# Nanao fanadiovana teny Anjanahary II N

Mitohy hatrany ny asa fanadiovana tanterahan' ny Boriboritany fahadimy, Kaominina Antananarivo Renivohitra. Notohizana teny amin'ny faritra manasaraka an' Anjanahary II N sy Besarety: Gerchard ny asa ny talata teo. Niara-nanatanteraka izany ireo ekipa teknika sy ireo mpamafa lalana, ka sady nofafana ny lalana no nosokirina ny tatatra nandritra izany. Ary vinavinaina ho vita ao anatin' ny herinandro ny asa satria dia hita fa tena maloto tokoa. Tsy hijanona eny amin'iny faritra iny ihany ny fanadiovana fa mbola hitohy hatrany ho fampianarana ny mponina hahalala hitandro ny fahadiovana. Ary mba hanatrarana ny vinandRamatoa Ben'ny tanàna Lalao Ravalomanana hoe : tanàna madio sy maha te honina ny renivohitra Antananarivo.



*Ny asa fanadiovana nataon'ny CUA teny Anjanahary.*

**Aly**

### Fampianarana teknika sy arakasa

# Tanora mpianatra miisa 3000 no hisitraka ny fiaraha-miasan'ny ministera sy ny SEBTP

Mpianatra mpiofana miisa hatramin'ny 3000 no hahazo tombony amin' ny fifanaraham-piarahamiasa vita sonia afak' omaly, tetsy amin'ny ministeran'ny fampianarana teknika sy ny fanofanana arakasa, tetsy amin'ny Complexe Scolaire Ampefiloha. Nanasonia izany fifanaraham-piaraha-miasa izany andaniny, ny ministra tompon' andraikitra, Rahantasoa Lydia, ary ankilany ny avy amin'ny sendikan'ny mpandraharaha eo amin'ny sehatry ny asa vaventy na BTP eto Madagasikara, SEBTP. Fifanaraham-piaraha-miasa roa sosona no vita sonia tamin'izany : ny voalohany dia fifanarahampiaraha-miasa eo amin' ny ministera sy ny SEBTP ho fanatevenana ny fitantanana miaraka ireo fitaovana fanofanana eo amin'ny sehatry ny BTP. Ny faharoa dia fifanaraham-piarahamiasa eo amin'ny ministera sy ireo orinasa mpiara-miasa aminy, amin' ny fanomanana fanofanana eny anivon'ny orinasa ho an'ireo mpianatra miisa 50 amin'ny Lycée teknika any Toamasina, Antsiranana, Mahamasina Antananarivo, Mantasoa Manjakandriana ary any Toliara. Mpanohana izao fiaraha-miasa izao ny AFD na ny sampan-draharaha Frantsay momba ny fampandrosoana. Ao anatin'izany, misy ny fitaovam-pianarana ihany koa natolotry ny AFD ho an'ny sekoly fanofanana teknika sy arakasa eto Madagasikara mitentina hatramin'ny 7 100 000 Euros, araka ny fanazavana nomen'ny ministry ny fampianarana arateknika sy ny fanofanana arakasa Ramatoa Rahantasoa Lydia nandritra izao lanonam-panaovantsonia izao. Kaontenera misy fitaovana miisa 3 amin'ny 15 no efa tonga hoy izy ary haparitaka amin'ireo kolejy sy ny Lycée teknika sy fanofanana arakasa manerana an'i Madagasikara. Ny tanjona amin'izany rehetra izany koa dia hahazoana tanora mpianatra mpiofana matihanina avy hatrany miditra amin'ny tsenan'ny asa. 5 taona azo havaozina no faharetan'ireo fifanarahampiaraha-miasa ireo, izay hanomboka ny volana novambra ho avy izao.

**Aly**

LOZAM-PIFAMOIVOIZANA

## Nipotsaka ny atidohan'ilay lehilahy mamo voahitsaky ny kamiao

Sesilany hatrany ny lozam-pifamoivoizana eto Antsirabe tato ho ato izay. Raha ny angom-baovao dia lehilahy iray indray no maty voahitsaky ny Kamiaobe teo Tombontsoa, manamorona iny lalam-pirenena faha 7 iny. Raha ny fantatra dia avy namonjy lanonam-pianakaviana famadihana ity lehilahy ity ary somary mamomamo. Tsy fantatra marina izay zavatra niseho fa ilay lehilahy efa nitsirara sy voahitsaky ny fiarabe no nanaitra ny maro. Mazava ho azy fa maty tsy tra-drano ilay lehilahy. Ankoatra izay dia lehilahy manodidina ny telopolo taona ihany koa no maty tsy tra-drano voahosin'ny fiara vaventy mpitatitra vato tao Atsimotsena. Potika tsy nisy nojerena ihany koa ny lohany no sady niparitaka teo koa ny atidohany. Raha ny fitantaran' ireo nanatri-maso ny loza dia handeha hizotra ho any Atsimo ilay fiara vaventy no izao tra-doza izao. Nipetraka teo amoron-dalana kosa ilay lehilahy izay voalaza ho tsy dia salama saina tsara. Tsy fantatra izay nahazo azy tampoka teo fa raha ny filazan'ireo mpitarika posy nahita ny zava-niseho dia narosony tampoka tao ambanin'ilay fiara vaventy ny lohany ka dia io nitera-doza io." Ilay zavatra nipoaka be noheverinay ho kodiarana vaky no nanaitra anay kanjo tampoka teo dia efa rà niparitaka sy loha potika no nitangoronan'ny olona" hoy ny fitantaran'ireo mpivarotra manodidina ilay toerana nisehoan'ny loza izay marihina fa maro mpivezivezy nefa tery noho ny fisianà sarety sy posy mijanona eo amin'ny sisin-dalàna. "Nifarombaka saika hamonjy ihany ny olona saingy raha vao tapitra ilay fipoahana dia nitsipatsipaka nandritra ny fotoana fohy ny tongony nialohan'ny nahataperan'ny ainy" hoy ihany ny fitantaran'ireo nanatri-maso ity tranga ity. Tonga nijery ny zavanisy teny an-toerana ny polisy ka noho ny tsy fahafantarana ny fianakaviany dia naterina ao amin'ny tranom-paty ao amin'ny hopitaly Atsimo ny razana. Raha ny filazan'ireo olona miasa eo amin'ny manodidina dia vahiny ity lehilahy maty voapotsitry ny fiara vaventy ity.

***Solohery***

Ambatondrazaka

## Nahitana fatin-jazakely nariandreniny tao Avaradrova Atsimo

Zazakely efa hary izay mihodidina ny 08 volana an-kibo no hita faty tao amoron-tatatra tao Avaradrova atsimo kaominina Ambatondrazaka renivohitra ny herinandro teo. Taitra ireo mpandalo raha nahita azy io ka nampandre avy hatrany ny Filoham-pokontany. Ireto farany kosa no na-mpandre ireo tompon' andraikitra isan-tsokajiny avy ary nandray ny andraikitra feno niaraka tamin'ny avy eny anivon' ny kaominina Ambatondrazaka renivohitra na-nao ny fombafomba ary nandevina ilay razana. Hatreto dia mbola mandeha ny fanadihadiana mahakasika izay olona nahavanon-doza. Nambaran'ny Filoha lefitry ny fokontany Avaradrova atsimo fa matetika dia olona avy any amin'ny fokontany hafa no ma-nao zavatra tahaka izao ary ariany any amin'ny fokontany lavitry ny fonenany izany mba tsy hisy hahatsikaritra. Na izany aza dia efa misy ihany koa ny fifanentana- na amin'ireo samy sefo fokontany mba hanara-maso ny olony, indrindra fa izay hita fa bevohoka teo aloha kanefa vetivety teo dia tsy hita kibo satria raha ny fahitana ity fatin-jazakely ity dia efa tokony ho niharihary ny kibon'izay nitondra azy.

***Raoul***

University Adventist Zurcher

## Namoaka ny andiany Triump

Namoaka ny andiana mpianatra miisa 90 mianadahy indray ny Oniversitén'ny Advantista Sambaina Ambohibary, University Adventist Zurcher, ny alahady lasa teo. Notolorana mari-pahaizana "Licence professionnelle" ireo mpiana- tra, andiany faha 19 ireo izay nisalotra ny andia: "FANDRESENA"na"TRIUMPH". Natomboka tamin'ny fotoam-bavaka ny lanonana teto ho fisaoran' Andriamanitra tamin' ny nahavitan'ireto tanora ireo ny fianarany nandritra ny telo taona. Ahitana sampam-pianarana miisa 5 eo anivon'ny sekoly ambony Advantista "Zurcher" (UAZ), ka anisan' izany ny "Communication", "Informatique", "Teolojia","Gestion", "Education de langue Anglaise", ary "Infirmière". Reharehan'ny Faritra Vakinankaratra ny fisian' ity sekoly ity satria dia anisan'ny efa namoaka mpianatra maro izy nandritra izay 20 taona mahery nijoroany hatramin'ny taona 1996. Noho izay fampandrosoana ny faritra izay dia tonga nanome voninahitra ny fotoana ny solontena avy eto amin' ny Faritra Vakinankaratra, ny sampan-draharaha misahana ny vondrom-bahoakam-pa-ritra itsinjaram-pahefana eo anivon'ny Faritra sy ny Ben'ny tanànan'Ambohibary ary ny talen'ny sekoly ambony Zurcher. Manampy eo amin'ny fanohizan'ny zanak'i Vakinankaratra ny fianarany ny fisian'ity Sekoly ambony Advantista Zurcher ity hoy ireo nandray fitenenana satria tsy mandeha lavitra intsony ireo ankizy dia afaka mandranto ny fianarana eto antoerana Vakinankaratra ihany. Isan'ny anjara andraikitra lehibe sahanin'ny Faritra ny fampiroboroboana ny ara-tsosi- aly sy toekarena ka tombony ho amin'ny fampandrosoana ny faritra ny fananana tanora nahavita fiofanana ambony tahaka izao araka ny nanamafisan'ny solontenan'ny faritra Vakinankaratra nan- dritra ny fandraisam-pitenenana nataony. Raha tsiahivina dia isan'ny faritra manana Oniversite maromaro i Vakinankaratra, raha tsy hilaza afa-tsy ny ESSVA sy ny ASJA ary ny rantsan'ny Oniversitén'Antananarivo, ankoatra ireo Oniversite madinidinika.

***Solohery***

Fjkm Antsirabe Fitiavana

## Hotokanana ny fiangonana vaovao

"Mahereza sy matanjàha ka mahefà, aza matahotra na mivadi-po, fa Jehovah Andriamanitra dia Andriamanitro no momba anao, tsy handao na hahafoy anao Izy ambara-pahavitanao ny asa rehetra hanaovana ny tranon'i Jahovah", I Tantara 28: 20. Io no teny fanevan'ny fanokanana ny fiangonana vaovao FJKM Antsirabe Fitiavana ao amin'ny Parc de l'Est izay ho tokanana ny Sabotsy 22 Septambra ho avy izao. Raha ny fantatra dia ho fotoan-dehibe ho an'ny Kristianina sy ireo zanaka am-pielezana ity fotoana ity ka anasana ny rehetra. Raha ny fandaharam-potoana dia hisy ny rindra-kira ara-pilazantsara ny Sabotsy sy ny Alahady tolakandro, izay handraisan'ireo Sampana Tanora Kristiana avy any Antananarivo anjara miaraka amin'ireo Sampana avy eto Antsirabe Fitiavana. Raha tsiahivina dia isan'ny zanaky ny fiangonana FJKM Ambohimandroso Filadelfia ity fiangonana ity fa nohon'ny fitomboan'ny kristianina dia nosokafana ity paroasy manokana ity. Antenaina araka izany fa ho maro ireo oloben'ny fiangonana hifanotrona amin'ity lanonana ity. "Fa Andriamanitra tsy mba tsy marina ka hanadino ny asanareo sy ny fitiavana izay nasehonareo ho voninahitry ny anarany" Hebreo 6: 10 a.

***Lezama***

Ambatondrazaka

## Mahazo laka ny fanafarana mpivarotena avy any ivelan'ny faritra

Karazana bizina hafahafa indray no hita eo amin'ny seha-piharian'ny sasany amin'izao fotoana izao. Fantatra fa dia misy ny mandraharaha amin'ny fanafarana tovovavy miaraka maromaro avy any ivelan'ny faritra izay entina ahofa aty Alaotra. Efa mandeha mialoha ny fifanarahana eo amin'ny mpanafatra sy ny hafarana ka rehefa tonga aty Alaotra dia ilay mpandraharaha amin'io sehatra io no mitady mpanjifa. Efa voafaritra mialoha ny hofan'ny tovovavy iray ka ny tombony dia an'ilay mpanafatra. Betsaka ireo tsy mahafehy tena no roboka ao anatin'io varotra hafahafa io ary raha ny fanampim-baovao dia misy mihitsy ny olona manan-katao sy mihaja no tafalatsaka ao anaty sera. Mihodidina ny 18 ka hatramin'ny 23 taona eo ho eo ireo tovovavy izay tafiditra ao anatin'io sehatra asa mamoafady io raha ny fanampim-baovao ihany. Efa faheno ihany izy io teo aloha teo saingy nahazo vahana izany tato ho ato, izay hita ho zary lasa ho asa mihitsy ho an'ny sasany.

***Raoul***

Ambatomainty faritra Melaky

## Miha-tony ny trangana asan-dahalo

Miha-tony ny trangana asan-dahalo any amin'ny faritra Melaky, ho an'ny distrikan'Ambatomainty dia tsy nahenoana asan-dahalo intsony tany amin'ireo kaominina 5 mandrafitra ny distrika raha toa ka efa tsy nahenoana izany intsony i Besalampy, ho an' i Maintirano sy Antsalova sisa no mbola ahenoana izay tsy fandriampahalemana izay. Raha ny nambaran'ireo mpitondra sy ny mponina any an-toerana dia ny fisian'ireo tanora tonga saina na koa dahalo miova fo antsoina hoe ZAZA-MAINTY, izy ireo no miara-misalahy amin'ireo mpiray dina sy ny mpitandro ny filaminana manao ny fitandroana ny filaminana sy ny fanenjehana ireo dahalo. Sahy izy ireny noho ny fifankahafantarany amin'ireo dahalo sy koa fananany fanafody mitovy amin'ny an'ireo dahalo. Karamaina izy ireo ary omena ampahany amin'ireo omby raraka rehefa misy fanafihana . Tao Bongolava tao no niorina ity fikambanana ity ary izao efa mirotsaka miitatra any Melaky izao. Manodidina ny roapolo mianadahy izy ireo no ao Ambatomainty, manofana ireo mpiray dina miaraka amin'ny mpitandro ny filaminana, ka izao nahitana vokatra izao sahady. Ny fanontaniana mipetraka dia ny hoe haharitra ve sa hanao ahoana indray ny fampiasana azy ireto?

***Serge***

Tovovavy nandro tamin'ny rano fady

## Boka tsy sitrana raha tsy teny Ivato

Sady somary mifoka rongony no misotro toaka ity vehivavy ity. Efa manambady aman-janaka nefa izy io fa maditra fotsiny izao. Efa tamin'izy mbola tovovavy hoy ny reniny no manao an'io toetra io izy fa tsy mety fay mihitsy, izao izy efa manam-bady aman-janaka nefa dia tsy mbola miova ihany. Izay andraràna azy dia valiany sy laviny fotsiny izao ary tsy raharahiany akory. Raha misy zavatra fady tsy azo atao dia dikainy sy tsiratsirainy ary tsy raharahiany hono izay vokany. Indray andro ary dia sendra mamomamo iny izy no nandeha hilomano amin' ny rano fady. Efa notenenina fa tsy nino nefa avy nihinana henankisoa. Vao nivoaka avy tao anaty rano anefa dia boka ny vatany ary nikaikaika izy fa mangidihidy tsy hay tohaina ny tenany manontolo. Nikoropaka ny fianakaviana nijery mpitsabo, nanatona ray aman-dreniba fa tsy nety nilaza fa mahasitrana ireo satria nolazainy fa tsy maintsy misy zavatra atao vao miverina io. Raha tsy izany hoy izy dia mila olona manana "pouvoir" manokana afaka mamaha io olana io satria tsy sitrany io. Teo no nisy nanoro ny nomeraon'i Jessica **033 87 395 41** mpitsabo eny Mandroosa Ivato ka teo noho eo ihany dia nampandroin'ity mpitsabo ity ilay marary ary nampandohalihany sy nohosorany menaka ny vatany manontolo. Teo noho eo ihany dia nijanona ny fanaintainana ary nilaza fa nahazo aina ilay ramatoa. Miverena afaka telo andro hoy ity mpitsabo ity fa mila alàna faran'ny lohany ianao, satria nandoto rano misy vazimba ka tsy maintsy saziany. Vao niverina afaka telo andro ilay vehivavy dia sitrana ary foana teo ilay kirifotra tamin'ny vatany manontolo satria nahazo fikarakarana manokana teny amin'ity mpitsabo ity. Fay tanteraka izy izao ka tsy maintsy mino ny tenin'olona rehefa misy miteny satria be loha nefa kely aina.

***Namana***

## Mpiandry raharaha

**PHARMACIE DE GARDE**
**15/09/18 hatramin'ny 22/09/18**

- **ISORAKA** (Isoraka) 020 22 285 04/020 22 694 12
- **TSARAMASAY** (Rond point Ankazomanga) 020 24 373 11/033 28 693 88
- **AMPANDRANA** (Ampandrana) 020 22 258 99 / 034 19 341 82
- **RABARISOA** (Andravoahangy (près BOA ex imm SOLOPRIX) 020 22 229 86/034 07 229 86
- **MAHAMASINA** (Mahamasina) 020 22 545 58/ 020 22 545 59/ 034 07 545 58

HJRA (urgences) : 033 11 890 58 / 22 279 79

HOMI Soavinandriana : 22 397 51

Hopitaly Befelatanana : 22 223 84 / 22 6 N72 21

Hopitaly Loterana Ambohibao : 22 441 88 /22 485 17

Clinique des Soeurs Ankadifotsy :22 235 54

Ambulances municipales : 22 200 40
Jirama:
Telma : (22)3547 (n° vert) / Airtel :03 35 47 / Orange : 032 32 3547

Pompiers : Tél : 118/ 22 250 18/ 22 225 66

Police : Hôtel Central de Police : 17 / 22 227 35 /22 357 09

1° Arrondissement Tsaralalàna : 22 280 54
2°Ambanidia : 22 309 46
3°Antaninandro : 22 291 30
4°Isotry : 22 280 51
5°Mahamasina :22 280 48
6°Ambohimanarina : 22 225 52
7°67 Ha : 22 291 29
8°Analamahitsy : 22 493 25
Brigade criminelle : 22 216 78 /22 210 29 / 22 674 83 na 84

GIR : 22 227 35

**Gazetim-baovao miseho intelo isan-kerinandro**
**Vidiny: 300 Ar**
**Adiresy: lot T 70 Ankadindratombo**

**TALEN'NY FAMOAHANA :**
Rahelisoa A.
034 79 07600

**MPANAO GAZETY**

**Politika:**
Isambilo: 033 24 783 65
Rajo: 033 80 022 53
Andry Tsiavalona 032 07 744 55

**Toe-karena :**
Aly : 033 18 382 88

**Kolontsaina:**
Aris: 034 17 460 53
Beharo : 032 02 557 89

**Fanatanjahantena:**
Lita: 033 41 557 69

**Mailaka:**
gvalosoa@yahoo.com
**NATONTAN'NY**
**Imprimerie de la RN7**

Fametrahana 816-09-18
Isan'ny natonta: 10 000

Tsy azo adika, na alain-tahaka, na antsaina ampahibemaso raha tsy ahazoana alalana vita soratanana avy amin'ny tompony

TSENAN'OMBY AMBATOMAINTY

# Mbola tsy tafaverina ny fampiharana ny "guichet unique"

Namaha ny olan'ireo tantsaha mpiompy any ambany andrefana dia ny faritra Melaky mampiasa ny tsenan'omby ao Ambatomainty ny fisian'ny guichet unique teo aloha, ny taona 2010 . Nanahirana azy ireo ny fisian'ny mpanelanelana maro ka mamerivery ny tantsaha mivarotra omby, efa niakatra an'hetsiny ny vola lany izay vao mahalafo omby iray izy ireo, nihena ihany koa ny kolikoly sy ny famotsiana omby maloto. Taty aoriana, nisy hatrany ireo niezaka nandrava izany dia ireo mpahazo tombontsoa . Niverina indray ny tsy fandriampahalemana rehefa rava izany ary izao mbola tsy tafaverina izao . Nandritra ny fivorina fanao isambolana natao tao amin'ny renivohitry ny distrika ny faha 22 ny volana farany teo no namerenan'ireo tantsaha mpiompy ny fangatahany hamerenana izany guichet unique izany indray. Ity tsenan'omby ao Ambatomainty ity izay isan'ny tsena lehibe ary mamoaka omby manodidina ny 4000 isam-bolana.

***Serge***

Ben'ny tanàna Ambavahaditokana

# Tanjona ny hampakatra avo roa heny ny voka-bary

Vokatry ny toha-drano manondraka velarantany an-jatony hektara any amin'ny faritr'Ambavahaditokana atsimondrano, dia ho tratra ny tanjona amin'ny fitomboan'ny voka-bary ho avo roa heny hoy ny ben'ny tanàna Ratianarivo Bruno. Laharam-pahamehana mantsy ny fampidiran-drano any amin'iny faritra iny hoy ny ben'ny tanàna satria antoky ny voka-bary ny rano ampy tsy mijaly rehefa fotoam-panetsana toy izao. Rehefa ampy mantsy ny rano dia ampy ny vokatra hoy izy ary afaka mamatsy mihitsy aza avy eo. Tsy ny toha-drano ihany, fa teo ihany koa ny famatsiana masomboly sy zezika ho an'ireo vondrona tantsaha any amin'iny faritra iny. Tsy mijanona eo ny hetsika hoy ny ben'ny tanàna fa mbola hitohy hatrany satria ny fampandrosoana ny faritra sy ny tantsaha amin'ny ankapobeny no tanjona amin'izany. Tsy ny fambolena ihany fa tsy maintsy mandroso avokoa ny sehatra samihafa eny anivon'ny kaominina Ambavahaditokana atsimondrano.

***Rajo***

Merikanjaka Manjakandriana

# Nahazo tohana fiompiana akoho gasy sy trondro

Laharam-pahamehana ny fampandrosoana ny tantsaha amin'ny sehatra samihafa any amin'ny distrikan'i Manjakandriana ankehitriny. Nahazo tohana avy amin'ny solombavambahoakan'i Madagasikara voafidy tany Manjakandriana, Rakotonjatovo Anto Arilafa tohana ara-bola momba ny fiompiana akoho gasy sy zana-trondro ho an'ireo vondrona tantsaha any amin'iny faritra iny. Tanjona amin'izao hetsika izao raha ny nambaran'ny ben'ny tanànan'i Merikanjaka ny fampiroboroboana hatrany ny sehatry ny fambolena sy fiompiana ho an'ireo tantsaha liam-pivoarana any amin'ny faritra. Zava-dehibe ny fanohanana toy izao raha ny nambarany satria miantoka ny fampitomboana ny vokatra ao aminy ny tantsaha rehefa mahazo tohana, ka mandroso amin'ny sehatry ny toe-karena any amin'ny faritra. Tsy mijanona eo ny hetsika raha ny fanazavany ihany, fa mbola tohizana amin'izao fitantanana ny kaominina izao.

***Rajo***

**PRIERE AU SACRE CŒUR**




**Que le Sacré Cœur de Jésus soit loué, adoré et glorifié à travers le monde pour des siècles et des siècles, Amen.**

Dites cette prière 6 fois/ jour pendant 9 jours et vos prières seront exaucées même si cela semble impossible. N'oubliez pas de remercier le Sacré Cœur avec promesse de publication quand la faveur sera obtenue.
Remerciements au Sacré Cœur pour faveurs obtenues.
Sandra A.

BEHARO

## Teny tondro (Ny Valosoa Vaovao)

**N° 252**




**BL** = Bory Loha
**BR** = Bory Rambo
**MIV** = Mivadika
**MIK** = Mikorontana

Misy ny teny Malagasy ofisialy sy ny tenim-paritra

Ohatra : Valy = Vady

### Valiny Teny Tondro (0251)

***Mitsivalana***


- Havanana
- Alina – Os(y)
- Nanenina
- Tsaho
- Tale (Miv)
- No
- Alarobia

***Mitsangana***

- Handeha
- Ala
- Vintana
- Tsena (Miv)
- Nana – Zo
- Ahy (Miv)
- Nono – Ny
- Asa – Boa

## TENY MIFANARAKA

**N° 252**




**Mitsivalana**

**1.** Olon-tianay **2.** Taova (Miv) – Tolorana **3.** Kisoa dia – Tsirin-teny Iharana **4.** Tapaka **5.** Rava – Tapitra (Miv) **6.** Kianja (Miv) – Ao amin'ny basy **7.** Kosa – Marika – Mamarana ny hiranay **8.** Hekitara (Miv) – Endrika (Miv) – Efatra romana **9.** Mpanolotra – Feo miverina **10.** Anarana tanàna.

**Mitsangana**

**A.** Potraka **B.** Tao – Mibango volo (Miv) **D.** Olona roa mitovy – Maneho naoty tsara **E.** Avo tsy takatra – Aiza ? **F.** Aro tongotra (Miv) **G.** Haja sy voninahitra – Aretina azo amin'ny firaisana **H.** Aminy – Foto-tenin'ny mibaby (Miv) **I.** Tsy aloha fa aoriana handatsa – Zanak'i Dada **J.** Vizana – Raisiko **K.** Eka – Karazana ovy (Miv)

### Valiny Teny mifanaraka 0251

***Mitsivalana***

**1** Hitranga **2.** II - Nao **3.** Ilaozana **4.** Nandidy - Rà **5.** Voania (Miv) **6.** Nao (Miv) - Antoka **7.** Fia - Havia (Miv) **8.** Re - Vy (Miv) - Aho (Miv) **9.** Arina - (V)aky **10.** Tianay (Miv) - (R)a(n)e(n)y

***Mitsangana***

**A.** Haingo - Ray **B.** La - Afera **D.** Tranony - In **E.** Ody - Aina **F.** Aizina - Vay **G.** Niadana **H.** Niaty **I.** Ana - Voveka **J.** Kahie **K.** Lohasaha

